Ekar Olontsambatra Victoire RASOAMANARIVO

# Sata sy firafitry ny Aumônerie Katolika Malagasy eto Roma sy Italie

**<u>Teny fampidirana ny amin'ny "Aumonerie":</u>**

Ny "Aumonerie", tahaka ireo avy amin'ny firenen-kafa maro dia mitombo isa isika malagasy mandrato fianarana sy mila ravin'ahitra na manatontosa iraka isan-karazany aty Italie. Maro koa ireo nanorin-tokatrano miaraka amin'ny tera-tany aty. Efa hatrany am-piandohana mihitsy no narahin'ny Fiangonana akaiky ny toe-javatra toy itony, raha jerena ny tantara ka nikarakarany manokana an'ireo tsy an-tanindrazany noho ny antony samihafa. Marihina fa amporisihiny ny firotsahana eo amin'ny Fiangonana ao amin'izay toerana misy, fa ankatoaviny koa ny fijoroan'ny "ankohonana" araka ny fiaviana sy ny fomba (rite) mahazatra ny tsirairay. Dia izay no antsoina hoe "Aumonerie".
Tsodrano avy amin'ny Fivondronamben'ny Evekan'i Madagasikara no hahafahany mijoro, miaraka amin'ny fankatoavan'ny Evekan'ny Diosezy na ny Fivondronamben'ny Evekan'izay firenena misy azy, dia Roma izany ho antsika.

**<u>Ny tanjony:</u>**

Ny tanjony àry dia ny mba hitandrovana indridra ny fiainam-pinoan'ireo mivahiny an-tanin'olona, sy fitazomana ny maha-Malagasy Kristianina ary ny mahazava-dehibe ny Fahendrena Malagasy dia ny Fihavanana sy ny Firaisan-kina.
Tsy an-tery akory ny fidirana ho isan'ny "Aumonerie" fa an-tsitrapo, ary midanadana ho an'ny rehetra ny varavarany.

**<u>Ny firafitry ny"Aumonerie" Malagasy eto Roma sy Italie:</u>**

Mba ahafahana manantotosa sy manatanteraka ireo tanjona ireo dia ilaina ny fisian'ny Birao sy ny Komity izay mitsinjara ho toy izao:

<u>Birao:</u>

- ***Ny Pretra "Aumonier"***
- ***Ny Filoha (laika)***
- ***Ny filoha lefitra***
- ***Ny Mpitam-bola sy ny mpanampy azy***
- ***Ny mpitan-tsoratra sy ny mpanampy azy***

<u>Komity:</u>

**Ny Birao sy Ireo Mpanolon-tsaina ary ny Vaomiera samihafa**[1]

Mitsinjara ho toy izao manaraka izao ny fomba fifidianana azy ireo sy ny andraikiny:

[1] Raha ilaina ny fivorian'ny Komity atao hoe "élargie "dia tsy maintsy antsoina ireo solon-tena avy amin'ny vaomiera sy ny Fikambanana Masina samihafa . Mety hisy kosa anefa ny fotoana na toe-javatra atrehina manokana izay tena ilana ny fifarimbonana avy amin'ireo Fikambanana tsy miankina amin'ny Fiangonana, saingy afaka manampy ny Aumônerie amin'ny fitadiavana vaholana ka tsy maintsy miditra amin'ny atao hoe loabary an-dasy (Ireo Fikambanana ireo dia ny: Zanak'i Gasikara, Tetezana, Serasera-Malagasy.it, Tefy, ary misy ireo Fikambanana ivelan'i Roma, any Italia Avaratra sy Atsimo, tsy dia fantatry ny olona ary mila ampifandraisintsika amin'ny Aumônier ny mpiandraikitra azy ireny).

***Ny pretra "Aumonier":***
Ny Fivondronan'ny Eveka any Madagasikara no manendry azy ary ankatoavin'ny Eveka eo an-toerana. Izy no tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny lafiny ara-panahy dia ny fampiofanana ny kristianina amin'ny fandraisana ny Sakramenta rehetra.
Misahana ny Pastoraly amin'ny lafiny rehetra (Ny Aumônier eto Roma no Coordinateur National[2]).

***Ny Filoha:***
Ny mpikambana rehetra ao amin'ny "Aumonerie" no mifidy mivantana azy.
Izy no mitarika ny fivorian'ny birao.
Izy no mpitondra teny sy misolo tena ny Fiangonana amin'ny fotoana rehetra mety ilana izany.
Afaka mampivory vonjimaika ny birao koa izy raha ilaina rehefa avy nifampidinika mialoha tamin'ny pretra "Aumonier".

***Ny Filoha lefitra:***
Ny mpikambana rehetra ao amin'ny "Aumonerie" no mifidy mivantana azy.
Ny Filoha lefitra dia miara-miasa akaiky amin'ny Filoha ary misolo azy vonjimaika raha misy ny tsy fahafahany.

***Ny mpitam-bola:***
Ny mpikambana rehetra ao amin'ny "Aumonerie" no mifidy mivantana azy ireo (ary misy ny fitsipika manokana mifehy azy ireo: allegato)

***Ny mpitan-tsoratra:***
Ny mpikambana rehetra ao amin'ny "Aumonerie" no mifidy mivantana azy ireo.
Mandray an-tsoratra ny fivoriana na ny fihaonan'ny birao, ary mitahiry sy mirakitra izany izy ireo.
Manao ny famintinana ny fivoriana.
Manomana sy mikarakara ny fampitam-baovao, indrindra indrindra ny ao amin'ny **site** sy ny **info ary mitazona ny password mba hahafahana mamindra izany amin'ireo mpitan-tsoratra manaraka any aoriana**.
Ny mpiandraikitra ny site kosa dia tendren'ny birao manokana.

**Vanim-potoana hiasan'ny birao:**
Ny faharetan'ny vanim-potoana hiasan'ny birao dia mandritry ny **telo** (3) taona ka azo fidiana in-droa ireo mpikambana tsirairay.

**NB:** Raha misy faharavan'ny birao kosa dia ny Aumonier no manendry olona hanohy ny asa mandra-pifidy birao vaovao, na tonga dia manao fifidianana.
Raha ohatra kosa ka tsy ampy ny birao fa nisy niala na nifindra toerana, sns…. dia manohy ny asany hatrany ny birao am-perinasa fa soloina fotsiny ny banga ary ny lefitra no misolo toerana raha lasa na niala ny Filoha, ny mpitan-tsoratra faharoa no misolo ny mpitan-tsoratra sy ny mpitam-bola voalohany mandrapaha-tapitry ny "mandat", ary anjaran'ny birao sy ny Aumonier[3] no mifidy izay

[2] Ny Coordinateur National dia olona atolotry ny Fivondronamben'ny Evekan'i Madagasikara (CEM) ny Commissione Episcopale per le Migrazioni in Italia (CEMI), ary ny Filan-kevitra maharitry ny CEI (Conferenza Episcopali Italiana) no manendry azy rehafa avy nodinihiny ireo taratasy fanolorana, avy amin'ny CEM sy ny CV-n'ilay olona natolotra ny Migrantes (CEMI), ka nankatoaviny. Marihina fa ny Aumônier isam-paritra dia atolotry ny Coordinatore Nazionale ny Eveka any amin'ny Diôsezy hiasany eto Italia (rehefa avy mifanaraka amin'ny Evekany na ny Lehibeny ny Coordinatore Nazionale vao manonolotra azy mba ho tendren'ny Eveka hanao io raharaha io ao amin'ny faritaniny).

[3] Tsara raha ny Aumônier sy ny Filoha no mijery mialoha izay olona heveriny fa afaka mandray ilay andraikitra ilana mpisolo vonjimaika tsy maintsy ho tendrena.

hasolo azy ireo mba hisian'ny fitohizan'ny asa efa natomboka.

**Ireo mpanolon-tsaina:**
Ny mpanolon-tsaina dia ny Pretra "Aumonier" sy ny Filoha no manendry azy ireo.
Telo na efatra no isany, ka ny roa tendren'ny Pretra Aumonier, ny roa kosa tendren'ny Filoha ary ankatoavin'ny birao.

Hitsinjara toy izao ny andraikitr'ireo mpanolon-tsaina ireo:

**Ny mpanolon-tsaina voalohany** dia hitarika ny VAOMIERAN'NY FINOANA[4].
Izy no mikarakara ny fanomanana amin'ny Sakramenta rehetra, ny Litorjia, ny fiofanana amin'ny Soratra Masina, Fikambanana masina, ary ny fihatahana masina, sns...

**Ny mpanolon-tsaina faharoa** dia hiandraikitra ny VAOMIERA MISAHANA NY ARA-BOLA SY NY FITAOVAN'NY "Aumonerie".

**Ny mpanolon-tsaina faha-telo** dia hitarika ny VAOMIERAN'NY KOLON-TSAINA, ka hikarakara ny antokom-pihira, ny fety, ny tanora sy ny ankizy mba ho fiarovana ireo vakoka sy haren-tsaina ary ny fiteny Malagasy na hafa koa.
Mijery ny fomba tokony hampianarana an'izany raha ilaina.

**Ny mpanolon-tsaina faha-efatra** dia hiandraikitra ny VAOMIERAN'NY SERASERA SY NY FIFANDRAISANA rehetra eo amin'ny:
- samy mpikambana
- ara-piraisam-pinoana
- "Aumonerie" any amin' faritany (provinces, Italie) na firenen-kafa.
- Mpiray tanindrazana any Madagasikara.

Noho izany dia miara miasa akaiky amin'ny Filoha izy.

**NB:** Ny mpitarika sy mpiandraikitra ny vaomiera dia afaka manendry olona hiara miasa aminy, ary anjaran'ny vaomiera tsirairay kosa no mandrafitra ny fitsipika anaty, amin'ny fanatanterahany ny asany sy ny fampiasana ireo fitaovana samihafa.

**Fitaovana sy fananan'ny Aumonerie**:

Zon'ny "Aumonerie" ny hanana fitaovana hampandehanana ny asa isan-karazany.
Ny fitaovana sy ny fananan'ny "Aumonerie" (zava-maneno, siti, sns…) dia ankinina amin'ny birao sy ny tompon'andraikitra manokana ka tokony hahaleo tena tanteraka izy ary tsy tokony ho ivelan'ny "Aumonerie" ny fampiasana izany.

**Fanambarana farany:**

Ny "Aumonerie" dia manana ny Fahaleovan-tenany tanteraka eo amin'ny fanatanterahany ny adidiny mba hahafahany mahatratra ny TANJONY.
Marihina etoana fa tafiditra ao amin'ny fikambanam-ben'ny Migrantes (izay karazana ong manana ny status-ny manokana toy ny Caritas) ny Aumonerie tsirairay ary ny CEMI no tompon'antoka

[4] Ny Aumônier dia isan'ny mpikambana maharitra ao amin'ny Vaomieran'ny finoana sy ny Fikambanana masina ary adidiny ny mandrindra ny raharaha ara-pinoana rehetra miaraka amin'ireo olona tendreny na manolo-tena ho isan'ny mpikambana, ho mpampianatra Katesizy, sns...

voalohany eo anatrehan'ny Fanjakana sy ny Fiangonana Italianina).
Ny mpikambana rehetra ao aminy, indrindra indrindra ireo kristianina, dia entanina hatrany hanefa ny adidiny fa ny tao-trano tsy vitan'olon-drery, koa amporisihina isika rehetra handray anjara mavitrika amin'ny HASIM-PIANGONANA (Denier de culte) sy ny vaomiera isan-karazany araka ny talentany avy.
Ireo olona vaovao sy vao tonga kosa dia iangaviana mba hisoratra anarana any amin'ny mpitan-tsoratra na hametraka ny anarany amin'ny "Aumônier" izay hanome izany ny mpitan-tsoratra.
Raha ilaina ny fanovàna na ny fanatsarana ity "status" ity dia ny birao no mamolavola izany ka ampahafantarina ny Fiangonana ny vokany.

**Fanamarihana tovana sy fampahatsiahivana sasantsasany:**

Izao fanamarihana tovana izao dia vokatry ny tsikera sy tombana nataon'ny Aumônier teo aloha, natao hanampy sy hanatsarana ny fomba fiasa ary ny fijoroana ho vavolombelon'i Kristy iainan'ny Ankohonana Malagasy eto Italia.

Ireo Pretra Aumôniers na ireo olona hafa (pretra, relijiozy, lahika) izay mikarakara sy manampy ny Malagasy isam-paritra eto Italia dia tokony hivory in-droa na in-draimandeha isan-taona, miaraka amin'ireo solon-tenam-pikambanana samihafa, manao zaika be.

Adidin'ny Aumônier sy ny Kômity kosa ny mampahatsiahy ombieny ombieny ireo andraikitra isakarazany tandrifin'ny tsirairay mba hampandeha tsara ny raharaha rehetra.

Tsy tokony hatao atsirambina ny fandrotsahan'ny tsirairay ny Denier de Culte isan-taona, fa miankina amin'izany no hahafahana miatrika ireo adidy maro miandry ny Aumônier izay mila fanohanana ka hanao ny tatitra isan-telovolana ny amin'ny fahavitrihan'ny rehetra mandray anjara sy ny nampiasana azy.

Miezaka mamangy sy mitsidika ny tokatraso sy ireo paroasy misy Malagasy ny Aumônier ary mihaona amin'ny Curé (parroco) any amin'ny karité onenany.

Ny tena andraikitry ny Aumônier sy ny Ankohonana Katolika moa dia ny manampy amin'ny lafiny ara-panahy sy ara-torohevitra ireo kristianina; izany kosa anefa tsy misakana ny asa fiantrana (carità) mba hanamaivanana ny rofy sy ny fijalian'ireo izay mety mila vonjy tampoka na nidiram-pahasahiranana mafy tsy nampoizina. Zava-dehibe kosa ny famangiana sy fankaherezana ireo marary ary izay sendra idonam-pahoriana aty an-tany lavitra aty.

Ny Coordinatore Nazionale moa no miezaka mamangivangy sy mitsidika ireo toerana hafa izay efa misy Ankohonana na mbola hanaganana an'izany (ohatra: Napoli, Torino, Milano, Verona, Palermo, na faritra hafa toa ny any Sicilia, Triveneto, Lombardia, Toscana, sns...). Adidiny izany rehetra izany. Miezaka izy mba hifanerasera tsy tapaka amin'ny Masoivoho Malagasy eto an-toerana, mba ho fanampiana ny Malagasy amin'ny ara-torohevitra na filana taratasy. Tsy tena adidiny kosa anefa ny manao izany mivantana raha tsy misy antony manokana dia manoka mety hifamatoran'ny andriakitra, izay natao hifanampy tsindraindray ihany, eo amin'ny Fanjakana sy ny Fianognana.

Adidiny sy ireo Aumônier na ny pretra hafa mpanampy azy any amin'ny faritany rehetra any ny mampahatsiahy lalandava amin'ireo Malagasy: hahay hivondrona sy hifanampy ary hifanasoa, fa tsy hifanimba na hifamotika akory sanatria.

**NB:** Maro amin'ireo soritsoritra ireo no efa iainana sy tanteraka hatreto, saingy ny tsapa fa mbola mila fanamafisana ny asam-baomiera sy ny sehatra hafa momba ny Sôsialy sy ny Ekomenika (ny Birao FFKM izay tokony hivory miaraka amin'ny filoham-piangonana roa hatrany).